

# Tsara ho fantatra :

IVONTOERAM-PITANTANANA  
NANKATOAVINA

Ho an'ny **vatantenan'olona na fikambanana** mizaka ny zo aman'andraikiny saindانا amin'ny **Hetra Tambatra** sy manana rahom-bola anaty kaonty aradalàna na manaraka ny SMT, manana na tsia ny laharana ara-ketra (NIF) :

- Tsy iharan'ny sazy ara-ketra misy fepetra raikitra amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika ho an'ireo mpikambana vaovao (**Andininy 20.01.54.4 ao amin'ny CDI**)
- Tantsoroky ny Fandrahahana ara-ketra amin'ny alalan'ny Ivontoerana
- Hetra Tambatra: fampihenana hatramin'ny 30% ny fototra iharan'ny hetra ka tsy mihoatra ny Ar 2 000 000 ary misy fepetra (**Andininy 01.02.04 ao amin'ny CDI**)
- Alalana mahafantatra ny antontan'isan-drantsana na faritra amin'ny sehatr'asa misy azy:  
- *INSTAT*  
- *MEF sy sampan-draharahan'ny Ministera*  
- *Vondron-draharaha mpiara-miasa.*

 CGA AVEMA 032 05 436 48

VOVONAM-PIRENENA  
FIKAONANDOHA MOMBA  
NY ZOTRAM-PIHARIANA  
VARY (PNC-RIZ)

Ho an'ny mpisehatra amin'ny zotram-pihariana vary (mpamokatra, mpanangona, mpanafatra entana, sns.) manana na tsia laharana ara-ketra (NIF):


- Tan-tsoroka sy fanampiana ataon'ny vovonana, toro-hevitra sy sori-dalana
- Fanamorana ny fomba fanaraha-drafitra eo anivon'ny Fandrahahana ara-ketra, izay ao anatin'ny hetsika "**Anjara Hetrako**"

 sepcpriz@yahoo.com

 Filière Riz Malagasy



PORTE 420  
IMMEUBLE MEF  
ANTANINARENINA  
101 ANTANANARIVO  
020 22 355 50  
dgimpots@moov.mg



Famporisihina ara-ketra ho an'ny mpandrahahana vaovao, madinika sy salantsalany

**SEHATRA  
FAMBOLENA**

REPUBLIKANI MADAGASIKARA  
Fianarana - Tanindrazana - Fendresona

MINISTÈRE DE L'ÉCONOMIE ET DES FINANCES



## HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA (IR)



- Azo esorina ny fihenan-danjan'ny tahirin'akora fototra izay voafetra ho 5%-n'ny lanjan'ny tahirin'akora fototra amin'ny faran'ny taom-piasana : **Andininy 01.01.10.3° ao amin'ny CDI**

- Fampiharana ny fanavotam-bidy mihena an-dalana malaky ho an'ny fananana fampitaovana voavidy misy fepetra raikitra amin'ny alàlan'ny didy amampitsipika : **Andininy 01.01.10.2.a ao amin'ny CDI**

- Fanenan-ketra eo amin'ny fampiasam-bola mitovy amin'ny Hetra amin'ny vola miditra mifanaraka amin'ny 20%-ny fampiasam-bola tanteraka ka tsy mihoatra ny 50%-ny tokony haloa: **Andininy 01.01.14.C.1 ao amin'ny CDI**

-Fanesoran-ketran'ny vola miditra notanterahin'ny fikambanana orinasa sy fivondronan' ny orinasa ary misy fepetra : **Andininy 01.01.03.-15° ao amin'ny CDI**

## HETRA TAMBATRA (IS)



- Fampiharana ny fanenan-ketra ho 2%-ny totalin'ny varotra voamarin'ny taratasim-barotra na antontan-taratasy ho solon'ny mpamokatra fototra toy ny mpamboly, mpitrandrak'ala, ny mpanelanelana niara-niasa tao anatin'ny tambam-barotra : **Andininy 01.02.05 bis**

## HETRA AMIN'NY ZANA-BOLA SY NY ZANA-TOMBONY (IRCM)



- Fampiharana ny taham-pihenana 10% ny zana-bolan'ny anjaram-pikambanana sy ny tamberimbidy izay notsinjaraina an-taonany tamin'ireo mpikambana ao anaty kaoperativa izay notapahina tanaty fivoriambe: **Andininy 01.04.04 ao amin'ny CDI**

### Fanesoran-ketra:

- ny zana-bolan'ny findramam-bola nifanarahana ho an'ny fanatanterahan'ny fampiasam-bola hamokarana omen'ny mpamatsy vola avy any ivelany: **Andininy 01.04.10 ao amin'ny CDI**

- ny zana-bola tamin'ny fampisamborana neken'ny mpikambana na tamin'ny findramam-bola nifanarahana'ny mpikambana ao amin'ny kaoperativa: **Andininy 01.04.11 ao amin'ny CDI**

## HETRAN'NY FIFANEKEM-PIANTOHANA (TCA)

- Fampihenana sora-bidy ho an'ny fiantohana isorohana ny voina noho ny afy: 7% ho an'ireo fananana voatokana ho an'ny asa fambolena: **Andininy 02.06.03 ao amin'ny CDI**

- Fanesoran-ketran'ny fiantohana nataon'ny orinasa na fandoavam-bolan'ny fiantohana iombonana momba ny fambolena: **Andininy 02.06.03 ao amin'ny CDI**



## HETRA FANAMPINY (TVA)

- Azo esorina ny TVA hita ao anaty taratasim-barotr' ireo zavatra azo na fanorenana trano ampiasaina ho amin'ny fambolena: **Andininy 06.01.18 ao amin'ny CDI**

- Fanesoran-ketran'ny fampidiram-barotra avy any ivelany sy fivarotana ny :  
§kojakoja voatokana hampiasaina ho an'ny fambolena: **Andininy 03.01.06.13° ao amin'ny CDI**

§Fitaovana fanorenana sy fampitaovana ho an'ny fambolena: **Andininy 06.01.06.14°**

§masombolin' ov, vaovao na notehirizina, masombolin-katsaka, voa varimbazaha sy masomboly Soja: **Andininy 06.01.06.13°ao amin'ny CDI**

-Fanesoran-ketran'ny fampidiram-barotra avy any ivelany sy fivarotana ny vary sy ny tanimbaray: **Andininy 06.01.06.06.21°ao amin'ny CDI**

-Fanesoran-ketra ny fifanekem-piantohana ho an'ireo mpitrandraka madinika eo amin'ny sehatry ny fambolena iharan'ny Hetra Tambatra: **Andininy 06.01.06.19° ao amin'ny CDI**

## SARAM-PANORATANA (DE)

-Fampiharana ny fihenan'ny taha 2% ho an'ny fahazoana traktera voatokana hampiasaina amin'ny fambolena: **Andininy 02.02.42 ao amin'ny CDI**

-Fanoratana maimaimpoana ny sora-panekena sy ny fifanarahana mifandraika amin'ny fampindramam-bola neken'ny banky sy ny orinasa mpandraharaha ara-bola voatokana ho an'ny fampiroboroboana ny fihariana fambolena: **Andininy 02.08.10 ao amin'ny CDI**



## HETRAN-TANY (IFT)

- Fanesoran-ketra ho an'ireo 5 taona voalohan'ireo tany vao nambolena izay misy fanitarana ny tany hambolena. Tahaka izay ny fanesoran-ketra ho an'ny tany fambolena kafe sy ireo tany efa voatrandraka sy vao nambolena hazo: **Andininy 10.01.04 ao amin'ny CDI**

- Ho an' ireo tany nambolena farafahakeliny 1 500 zana-kazo isan-kektara, ny fanesoran-ketra dia hitarina hatramin'ny faran'ny taona nanaovana ny fanapahana voalohany: **Andininy 10.01.04 ao amin'ny CDI**

- Fahafahana mangataka fanenan-ketra raha tojo loza ara-boajanahary izay nitarika fatiantoka tanteraka na amin'ny ampahany ireo voly na ireo vokatra: **Andininy 10.01.10 ao amin'ny CDI**